# Ilay Voa Tsara Nafafy 27 Desambra 2018

**27** **Alakamisy**
desambra

**Satria efa nohamarinina tamin'ny finoana isika, dia aoka isika hanana fihavanana amin'Andriamanitra.**
Romana 5. 1

**Mihavàna tsara.** 1 Tesaloniana 5. 13

**Ny saina tsy miovaova dia harovanao amin'ny fiadanana tanteraka, satria matoky Anao izy.** Isaia 26. 3

### Ny fiadanana amin'ny endriny rehetra (2)

Fiadanana ho etỳ ambonin'ny tany, izany no vaovao mahafaly nambaran'ny anjely tamin'ny mpiandry ondry, ny alin'ny nahaterahan'i Jesosy Kristy. Tsy sarotra ny mahatsapa fa tsy misy izany fiadanana izany, satria Jesosy dia nolavina sy nohomboana teo amin'ny hazofijaliana. Tsy ho tanteraka izany raha tsy amin'ny andro ho avy, aoriana-na fitsarana lehibe maro.

Fa anio kosa, ny mponina rehetra eto an-tany dia asaina mba hihavana amin'Andriamanitra. Ny olona rehetra mpanota dia fahavalon'Ilay Andriamanitra masina. Kanefa „ny rany *(ny ran'i Jesosy)* teo amin'ny hazofijaliana no nanaovany fampihavanana" ; ary ankehitriny Andriamanitra dia miteny amin'ireo izay mino an'i Jesosy, hoe : „Ianareo, izay olon-ko azy fahiny sy fahavalo ... no efa nampihavaniny ankehitriny ... tamin'ny fahafatesana *(ny fahafatesan'ny Zanany)*" (Kolosiana 1. 21, 22).

Koa dia fiadanam-po no mitoetra ao anatin'ny mpino izay mametraka ny fiainany manontolo amin'Ilay Andriamanitra Mpamela heloka ny mpanota rehetra mibebaka. Eto amin' izao tontolo feno korontana sy tebiteby izao, ny fihavanana amin'Andriamanitra, izay mihoatra noho izay rehetra mety ho takatry ny saina, dia zava-misy iainan'ny mpino miantehitra amin'ireo teny fampanantenan'Andriamanitra.

Fihavanana amin'ny manodidina : sehatra iray hafa tokony hanjakan'ny fiadanana izany. Adim-poko, fianakaviana mifandramatra, tsy fifankahazoana eo amin'ny samy mpiara-miasa, adin'ny mpifanolo-bodirindrina, maro ny antony tsy ifankahazoana. Ny olona vita fihavanana amin'Andriamanitra dia taomina mba ho tia ny namany, ary handala fihavanana, araka izay azony atao : „Raha azo atao, dia ataovy izay hihavananareo amin'ny olona rehetra... Aza mamaly ratsy" (Romana 12. 18, 19). Ny kristiana dia iraka solon'i Kristy, ka ny fitondrantenany sy ny hafatra entiny dia tokony hahataona ny olona mba hihavana amin'Andriamanitra.